Tononkalo Fitiavana 2016

Fifaninanana nokarakarain'ny

Koloiko sy Hajaiko ny Teniko

Copyright © 2016 **Koloiko sy Hajaiko ny Teniko**

Boky novokarin'ny vondrona **Koloiko sy Hajaiko ny Teniko**.

http://www.koloiko.com/

Tsy azo kitihina na ovana ireo soratra eo ambony eo ireo.

Natonta fanindroany: Septambra 2017.

Fanoroam-pejy

I Ireo Tononkalo Nifaninana 1

1 Ny Fitiavako Anao 3

2 Diary sy Sahala 5

3 Niangarana 9

4 Izaho sy Ianao 11

5 Hirahiran'ny fitia 13

6 Rohy 15

7 Fitiavana 17

8 Lasanao 19

9 Lala o 21

10 Neniko ny Teniko 23

II Vokatra Ofisialy 25

Teny Fampidirana

Hetsika tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny fetin'ny mpifankatia 14 Febroary 2016 ity fifaninanana tononkalo ity.

Lohahevitra

Fitiavana

Mpitsara

- Mainty Kely
- Johana Ra
- Benja Ratsimba
- Hary Razafy

Momba Ny Boky

Ao amin'ny fizarana voalohany amin'ity boky ity no ahitantsika ireo tononkalo nifaninana, nalahatra arakaraky ny nidirany tao amin'ny fifaninanana. Ao amin'ny fizarana faharoa kosa no itaterana ny vokatra ôfisialy tamin'ny fifaninanana.

Fisaorana

Tsy tontosa ity fifaninanana ity raha tsy ny nisy ny fifandrombonana teo amin'ireto olona manaraka ireto koa dia fisaorana eram-po eran-tsaina no atolotra azy ireo:

- ilay mpikambana tsy mitonona anarana nanome ny loka,
- Hary Razafy noho ny namoahany ity hetsika ity an-gazety,
- ireo mpitsara nanampy ahy nitsara ny fifaninanana,
- ireo rehetra nanome isa ireo tononkalo tao amin'ny Facebook,
- ireo mpifaninana rehetra tsy an-kanavaka,
- Ny mpikambana rehetra ao amin'ny vondrona *Koloiko sy Hajaiko ny Teniko*.

Misaotra indrindra tompoko!

Antananarivo, Novambra 2016 *Mainty Kely*

Fizarana I

Ireo Tononkalo Nifaninana

Tononkalo 1

Ny Fitiavako Anao

Nosoratan'i Botsaiky Vkn

Ny lanitra re no somamby,
nilaozan'ilay tambitamby.
Mipetraha tsara ry foko!
Fa izaho tsy mahay miova loko.

Ny kintana re no tomaratra:
fa tonga ilay olo-malala,
midona malefaka Ankaratra;
Fa izay tia hono anie ka adala!

Injany ny jijy malefaka,
arahina ampongavilany.
Satriko foana hipetraka,
Eo anilanao hatrany!

Maro ireo mpanatsatso,
mioitra hisompatra antsika.
Kanefa dia indreo miala maina!

Ny fitiavako anao toy ny vato,
tsy mba ho vonton-katsiaka.
Fa fitiavana entin'ny saina!

Tononkalo 2

Diary sy Sahala

Nosoratan'i Riman'ny fou

SAHALA:
Nilaza ianao fa tia ahy
ka ny fonao no ho lapako,
faly aho no sady manahy;
amin'ny hoavy mbola tsy fantatro.

Manahy aho fa sao hiofo,
manahy fa sao hiserana;
izato fitia tsy voaporofo,
fitia tsy marin-toerana.

DIARY:
Irony kintana sy volan'irony
no mendrika anao ry Sahala.
Ho porofom-pitia hampitony
izato fonao misalasala.

Indrisy fa tsisy afatsy ny foko
no hany mba azoko atolotra.
Ezahiko hamiratra, hiova loko
ka hanilo ny hoavy sy hisoroka.

SAHALA:
Izany fitia kasainao hatolotra
toa mbola mijanona ho nofy!
Ka izany teny tendro-molotra

ve no mba hanorenako toky?

Ny foko tsy hataoko sorona!
tsy anjara ity fitia nokendrena!
Ka ny mety aminao dia ny mionona
sy manaiky izany am-pahendrena.

DIARY:
Misy feo manako fa saingy tsy tazana,
midona malefaka ato anatiko izany.
Tsy sasatra mitory, mitanisa fitiavana
dia ny hoe: “tia anao” hatrany, hatrany.

Io no mba kalo sy tsianjerin’ny foko
haveriny foana raha mbola mitempo
natao handrotsirotsy, hanafoana toloko
sy hampionona anao raha sendra misento.

SAHALA:
Mba firy moa ireo fo nivesatra fitia,
nanam-paniriana izay tiana hambara
saingy tsy tafita, tsy natao hiara-dia
ka niezaka nanaiky ny hoe: “tsy anjara”.

Tahotra ny hijinja ranomaso
matoa aho no tsy mamafy fitia
sao mantsy mba ho vidiko lafo
ny hamaliako anao hoe: “eny na tsia”.

DIARY:
Jamba very tehina ny ahy ny fitiavana
mba vonjeo, tantano fa mila hianjera.
Kamboty sy irery ka toa mila havana,
mba tsimbino, iantsao fa aza avela.

Ny fonao hono no mba fasana fidiny
ka na hilevin’izy ho fohazin’ny tsiahy.
Nefa làvo raha tsy to fa tsy mba ho tsiny
fa rediredin’adala sy tsy ampy fanahy.

SAHALA:
Tsara lahatra hoy aho ireny voalazanao ireny
fa tsy fantatra mazava 'zay tanjona kendreny.
Tsy takatro loatra fa toa miendrika ho sarinteny
nefa nipaka ato anaty ilay angola notendreny.

Raha hinia tsy hilaza sy hangina ity vava
ny fitempon'ny foko no hamosa sy hilaza
tsy laitra hampaginina, maika hivazavaza:
fa misy fitia nafenin'any ho any ka te hitranga.

"Anjaranao no maminany fa izay ilay valin-teny,
miendrika ankamantatra, mifono misitery."

Tononkalo 3

Niangarana

Nosoratan'i Barry Sirjon

Tokoatra aho niangarana eto ambonin'ny tany,
nomena vady sahaza,
sady mahay mahandro;
izany fahasambarana ambarambaranao izany,
no anaovako an-kilentika,
isan'andro isan'andro!

Hajainy aho no tiany, koa dia nanjary mpaminany,
manolo-tsaina, manapaka:
mamahavaha ny olany;
mpanamory toaviny mitondra mankany mankany,
mpandova sy mpitantana,
ny ankaniny sy ny volany ...

Nangarangarana ny soa, ka tomady no sady donga,
montsamontsana ny aretina,
voatorotoro ny malailay;
ilay izy moa lehiretsy, ny valim-bavaka no tonga;
Ka noho 'zahay efa aina iray,
dia niangaraNY milay!

Tononkalo 4

Izaho sy Ianao

Nosoratan'i Rina Randriamiarina

Olon-droa,
zary tafara-dia.
Olon-droa,
lasa mpifankatia.

Mpifankatia,
efa natao ho iray.
Mpifankatia,
ho mandrakizay.

Fitiavana mahery,
ny fitiavantsika roa.
Fitiavana mahery,
ka tsy mba mety ho lo.

Tononkalo 5

Hirahiran'ny fitia

Nosoratan'i Soamiely Andriamananjara

"Ny fitiavana Ralala toy ny boky tsara soratra,
na 'ndao lazaina fotsiny hoe: vavahady be misokatra,
manantena anao handroso lalindalina kokoa
fa maniry te hizara izay voarakitra ao am-po.
Raha sahirankiran-tsaina ianao, tsy mahita izay atao,
ny hirahiran'ny fitia anie hitarika ny dianao.

Ny fitiavana anie retsy toy ny akany fialofana,
trano bongo azo antoka rehefa mila fiarovana,
fonena'itodihana, isitriha-maha-te-honina,
ary toeran'itobian'ireo tsiaro tsy hay tononina.
Raha sendra ianao ka manirery na koa verivery dia,
hisarika anao hody anie ny hirahiran'ny fitia.

Ny fitiavana ry tiana toy ny tendrombohitr'avo:
misy jaly, misy hady, feno fandrika mandavo.
Nefa eny an-dalana eny, feno loharano soa,
mampilamina ny saina, mampiadana ny fo.
Raha mba mety Zanahary ka ho tanteraka ny nofiko,
ireny hirahirantsika ireny no handravaka ny bokiko."

Tononkalo 6

Rohy

Nosoratan'i Tokiniaina Joseclaudio

Mangina,
tsy mahateny ...
Tsy sahy mifampijery,
ireto maso nifandimby
nifampitopy fatratra.

Fa izao,
ilay izy sy ianao.
Nifampiahiahy ho tiana sy tiavina.
Dia indro fa tanteraka,
ny ainga nifandrohy.

Koa hatreto,
miatomboka
sahady hitady ny farany,
ilay fitia nifangia.
Teny ho eny nivezivezy nitady izay hitoerany.

Koa eny,
nifanaiky
fa tsy afaka hisaka,
intsony ny fitia
satria voarohy ny dina maty paika.

Dia ilay hoe: Ho anao irery aho.

Tononkalo 7

Fitiavana

Nosoratan'i Randrianandrasana Laingo Fenomanitra Nomenjanahary

Fy ve no tiana sa ny tia no adala?
Ny fontsika mifanila no mifaniry ho malala.
Tsia, tsy misy adala fa: ny fitiavana no rohy mampanjohy ilay fo;
mampifanakaiky antsika ho tokana ihany koa.
Ka izaho ho anao ary ianao ho ahy;
ny fitiavantsika ankinina amin-dRay.
Satria IZY no antony sady Tompo no Fitia;[1]
fa isika kosa mpianatra ary koa mpanara-dia.
Koa omeo anay ry Tompo ilay fitia avy Aminao;
hahaizanay mifanompo toy ny efa nataonao.
Ampianaro hanetry tena mba hisandratanao;
ahazoanay fahendrena ho voninahitrao. Amen!

[1] Anarana ilay Tompo sy Fitia = tompon'ny fitia.

Tononkalo 8

Lasanao

Nosoratan'i Tsiry Mampionona

Fa iza moa ianao!?
No sahy maka tsotr'izao
tsy miteny, tsy miera
fa nalainao ambongadiny
ny fo, ny fanahy
sy izay rehetra tao anatiny.

Rehefa raisinao ny tanako,
rehefa orohanao ny molotro,
kasihinao ny vatako,
iondananao ny tratrako,
mahatsiaro sambatra aho
na dia nitia anao tsy nahy.

Dia lasanao tokoa ny foko,
izaho koa moa tsy sahy naka
sao dia alahelo sy toloko
raha efa diso lalim-paka.

Dia nifankatia isika
nifanjohy hatrany hatrany
ka ho masoandro mibaliaka
ireo fiainantsika eto an-tany.

Tononkalo 9

Lala o

Nosoratan'i Volatiana Rahaga

Sambatra aho malala fa mahalala anao,
fa nanjary halako ny fankahalana.
Tretrika ny hazo ala, ny mpakahala lao
Rehef'isika roa, nivehy laka-nitana.

Ilay "Izaho sy Ianao", isika no mahalala.
Velively tsy ala nenina, na koa ala safay.
k'hoe ala sorisory, na lolan'ny adala,
lelan-tsy voaranitra, ka hampiolomay.

F'alina tsy natory, halan'ny mpisalovana,
feno fahalalahana sy koa fanalahidy,
mahaleo halavirana, sy sedra ho lalovana,
voalalotra efa lalina, voalamin'ny tadidy.

Aleo iky aho hiala fa miala any maloka
sy milako fihavy, mihalohalo ny alahelo.
Raha mandalo ianao, lena te hialoka,
mialofa ambany lay, avelako eto ny elo.

Tononkalo 10

Neniko ny Teniko

Nosoratan'i Dafy Noely

Angamba raha izay soratra
alahatry ny penina tsy ampy hanehoako
ny teny tiako ambara,
kanefa raha ny holatra
mandrakotra ny nenina sy ratra ato am-poko
dia efa ampy tsara.
Angamba raha fifonana
mandifotra impolo mety mbola ho vitsy
ka tsy hitondra famelàna,
noho ireo fifandonana
izay nahafotsy volo sy tsy nety vita mihitsy
ary niainana mazàna.

Neniko e ka neniko
ny nampahory anao ry tokana tsy foiko.
Miangavy aho mba ampio . . .
Nasiaka ny fiteniko,
tsapako izy izao ka dia hosoloiko
mason'andro anio.

Adinoy ny teniko f'izaho re aza ariana e!
Vonona aho ny hitandrina ny fihetsiko any aoriana.

Fizarana II

Vokatra Ofisialy

Sary 10.1: Dafy Noely, nahazo ny loka voalohany

Tabilao 10.1: Vokatra ôfisialy tamin'ny fifaninanana tononkalo fitiavana 2016

Lah.	Mpanoratra	Tononkalo	Isa
1	Dafy Noely	Neniko ny Teniko	56,67
2	Volatiana Rahaga	Lala o	55.17
3	Soamiely Andriamananjara	Hirahiran'ny Fitia	54.84
4	Rina Randriamiarina	Izaho sy Ianao	54.67
5	Riman'ny fou	Diary sy Sahala	53.50
6	Botsaiky Vkn	Ny fitiavako Anao	53.34
7	Barry Sirjon	Niangarana	52.34
8	Randrianandrasana L. F. Nomenjanahary	Fitiavana	51
9	Tsiry Mampionona	Lasanao	50
10	Tokiniaina Joseclaudio	Rohy	46.67

Ny lisitra eo amin'ny Tabilao 10.1 no maneho ny vokatra ofisialy tamin'ilay fifaninanana.

Momba Ireo Naoty

Ireo isa misoratra eo ambony ireo no fitambaran'ny isa azon'ny mpifaninana, mifanaraka amin'ny fitsipika mifehy ny fifaninanana.

Fomba Nitsarana ny Tsipelina

Nomena isa 10 avy hatrany ny tononkalo tsirairay. Mihena io isa io arakaraky ny isan'ny diso tsipelina ao amin'ilay tononkalo. Izany hoe: raha misy diso tsipelina iray izany dia lasa 9/10 no isa azon'ilay tononkalo, raha diso roa dia 8/10, sns.

Marihina fa tononkalo efa voahitsy no napetraka ato amin'ity boky ity. Raha te hijery ny tononkalo mbola tsy voahitsy ianareo dia tsidiho ny pejin'ny fifaninanana ao amin'ny vondrona *Koloiko sy Hajaiko ny Teniko* (http://www.facebook.com/groups/andrianiko/).

Sary 10.2: Volatiana Rahaga, nahazo ny loka faharoa

Sary 10.3: Soamiely Andriamananjara, nahazo ny loka fahatelo

Momba ny Loka

Ny manome ny loka amin'ity fifaninanana ity dia mpikambana iray ao amin'ny vondrona Koloiko sy Hajaiko ny Teniko izay tsy mitonona anarana. Ka dia isaorana azy be dia be manohana ny hetsika toy itony sady mahafoy mihitsy manome fanomezana ho famporisihina ireo mpandray anjara.

Ny loka voalohany tamin'ity dia tapakila ho an'olon-droa nidirana tao amin'ny fampisehoana izay nataon'i Dadah sy Fafah tao amin'ny CC ESCA tamin'ny 14 Febroary 2016, miampy boky tantara malagasy iray. Ny loka faharoa sy fahatelo kosa dia boky momba ny haisoratra malagasy.

Eo amin'ny sary 10.1, sy 10.2, ary 10.3 no ahitana ny endrik'ireo nahazo ny loka.

Teny Famaranana

Izay indray ary aloha no vita tamin'ity andiana fifaninanana ity ka dia ataovy toy ny mihinana voankazo an'ala ka ny mamy atelomy fa ny mangidy aloavy!

Arahabaina manokana i **Dafy Noely**, **Volatiana Rahaga**, ary **Soamiely Andriamananjara**, nahazo ny laharana telo voalohany.

Amin'ny manaraka indray ô!